Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
753119 Paris Cedex 09
Tél. 01 45 96 03 05

Projet Laika

"Fa raha misy manao azy hahalala, dia tsy mbola mahalala araka izay tokony ho fantany akory izy" I Kor 8 : 2

PROJET LAIKA:

FAMPAHAFANTARANA NY ASA SAHANINY

I. FITARIHAN-TENY

i. SORITR'ASA LAIKA NA PROJET LAIKA

Najoron'ny FPMA ny Soritr'Asa Laika (na Projet Laika) mba hamolavola fiofanana ho an'ireo Laika ao aminy mba hahatonga azy ireo ho tompon'andraikitra mahomby eo amin'ny seha-piasana misy azy ho voninahitra Andriamanitra irery ihany.

ii. KNPL

Nankinina amin'ny Komity Nasionaly Projet Laika (na KNPL) izay manana Birao tarihin'ny Tale voatendrin'ny Komity Maharitra, ny fitantanana izany Soritr'Asa izany.

Ireto avy ny mpikambana ao amin'ny KNPL :

- Filoha Synôdaly FPMA
- Masoivoho Birao Foibe/KNPL
- Talen'ny KNPL
- Filoha na solontenan'ny Faritany FPMA 6
- Filoha na solontenan'ny Sampana Iraisana FPMA 7
- Filoha na solontenan'ny Fiaraha-Miasan'ny Mpitandrina (FMM)
- Mpikambana hafa (natolotry ny KNPL) nahazo fankatoavana avy amin'ny Komity Maharitra

iii. FOMBA FIASA

a) Mpitandrina sy Laika miara-miasa

Mifameno amin'ireo Soritr'Asa hafa nofaritan'ny FPMA (Soritr'Asam-Piangonana na SAP, V3M) ny Soritr'Asa Laika. Ny fahitana ny solontenan'ny FMM ao amin'ny KNPL dia taratra izany fifamenoana izany. Endrika rahateo ny rafitra présbytero-synôdaly arahin'ny FPMA izany.

Noho izany, mandritra ny fampiofanana izay entiny, ny Soritr'Asa Laika dia miezaka hatrany mampifameno ny lafiny ara-panahy, izay ataon'ny Mpitandrina amin'ny lafiny ara-teknika izay sahanin'ny Laika.

b) Fiofanana sahaza ho an'ny rehetra

- **Manolotra fiofanana voavolavola**

Mikasika ny fomba fiasa dia ezahina ny itondrana ny fiofanana mankany amin'ny ambaratonga FPMA isan-karazany izay maniry izany : Nasionaly, Sampana Iraisana, Faritany na Tafo, indrindra rehefa lohatenim-piofanana misokatra ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra no atao.

Maro ny fotoana azo anatanterahana izany fiofanana izany eto amin'ny FPMA : zaikabe, lasy na fotoana hafa izay ifanarahana amin'ny ambaratonga mandray ny fiofanana.

- **Mandray hetahetam-piofanana**

Tsy vitan'ny manolotra lohatenim-piofanana ny Soritr'Asa Laika fa mandray ihany koa ny hetaheta lohateny (themes) miainga avy amin'ny ambaratonga tsirairay eto amin'ny FPMA.

II. IREO LOHATENIM-PIOFANANA VOAVOLAVOLA

i. FANOFANANA MISY

Hatreto dia ireto lohatenim-piofanana ireto no efa vonona ka nentina tany amin'ny Faritany maro (5/6) eto amin'ny FPMA :

- Ny toeran'ny Laika eo amin'ny Fiangonana
- Ny rafitra FPMA
- Ny fitondram-pivoriana mahomby
- Ny famahana ny olana eo anivon'ny Fiangonana («la gestion du conflit au sein de l'Église»)

Ity lohateny ity kosa dia efa vonona ka nentina tamin'ireo Tafo FPMA 7 ao amin'ny Faritany Atsimo Atsinanana

- Ny fahaiza-mifandray (« Savoir communiquer »)

ii. FANOFANANA AN-DÀLANA

Ankehitriny dia maro ireo ambaratonga FPMA izay nanavao ny mpiandraikitra ao aminy. Ity fiofanana izay efa nosantarina tao amin'ny Tafo FPMA Grenoble ity dia azo atolotra ny ambaratonga maniry izany.

Lohatenim-piofanana natokana ho an'ny mpiandraikitra ao amin'ny Komity isan'ambaratonga sy/na mpiandraikitra sampana rehetra

- Ny fanekena ara-panahy (« engagement spirituel »)
- Ny fomba fiasa (« mode de fonctionnement »)
- Ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra (« mode de prise de décision »)
- Ny rafitra (« structure »)

iii. FANOFANANA HO AVY

Ankehitriny ny KNPL, dia eo an-dàlam-pikarohana mpampiofana momba ny lohateny mikasika ny

- « Leadership chrétien » na koa « Coaching chrétien »

iv. ZAVATRA TSAPA

- Mangetaheta sy mila fiofanana mitohy ny vahoakan'Andriamanitra.
- Ny tatitra tonga aty amin'ny KNPL dia mampiseho ny fahafaham-po feno avy amin'ireo ambaratonga nandray fampiofanana.
- Ny fampiofanana atao eo amin'ny ambaratonga iray dia matetika miteraka hetaheta vaovao eo amin'izany ambaratonga izany.

III. NY MPAMPIOFANA

i. EKIPA MISOKATRA

Isaorana ireo izay efa nanolotena

Hatreto ankoatra ny fampiofanana nasionaly mikasika ny "Gestion du conflit" natao tamin'ny 2009, izay niantsoana ny Pasteur Jacques POUJOL avy ao amin'ny FPF, mpampiofana za-draharaha amin'io taranja io, dia isaorana an'Andriamanitra lehibe fa mpanompon'Andriamanitra eto anivon'ny FPMA daholo ihany no nanatanteraka **maimaim-poana** ny asa fanofanana rehetra.

Isaorana azy ireo ny fanolorantenany amin'izany.

Ireto avy izy ireo :

Mpitandrina :

- Jean RAVALITERA
- Théodore RANDRIAMANANTENA
- Falimanana RAHARINDRANTO

Laika :

- Jean-Solo RAFIDINARIVO
- Serge RAJAOFETRA

Entanina ireo izay maniry hiditra

Araka ny voalaza etsy ambony (iv. Zavatra tsapa) dia ny tsy fahampian'ny mpampiofana no mety sakana amin'ny fanatanterahana ireo hetaheta vaovao miainga avy any amin'ny ambaratonga tsirairay.

Koa isan'ny asa lehibe ezahin'ny KNPL atao ny fanohizana fijerena mpanompon'Andriamanitra (Mpitandrina na/sy Laika) afaka mampiofana arakaraky ny fanomezam-pahasoavana ananany ka mifandraika amin'ny lohateny voahangon'ny Soritr'Asa Laika.

Izany hoe **misokatra** (fa tsy mihidy akory) **tahaka ny lohatenim-piofanana** ny ekipan'ny mpampiofana ato amin'ny Soritr'Asa Laika.

ii. FORMATION DE FORMATEURS

Isan'ny tanjon'ny KNPL ny hananan'ny FPMA mpampiofana ho azy. Koa ho amin'izany dia ny fanofanana mpampiofana ("formation de formateurs") tontosain'ny za-draharaha ("professionnel") no isan'ny ezaka lehibe mbola miandry.

IV. NY ENTI-MANANA

i. MANIFY NY EO AM-PELATÀNANA

Marihina fa ankoatry ny fanafarana mpampiofana avy any ivelany dia ny saran-dàlana sy ny fampiantranoana ireo mpampiofana ihany no iantohan'ny tahirim-bolan'ny Soritr'Asa Laika hatramin'izao.

Fivoriana telefonika no fampiasan'ny KNPL eo amin'ny fanomanana sy famolavolana ireo fiofanana rehetra nokarakarainy mba tsy hisian'ny fandaniana be loatra amin'ny fivezivezena satria efa fantatra hatrany amboalohany fa tsy ho ampy hanatanterahana ny asa rehetra kinasa akory ny fanampiana ara-bola voaray avy tamin'ny BELK ho an'ny Soritr'Asa Laika (na Projet Laika). Marihina fa raha nitentina 4800 € teo ho eo izany tamin'ny voalohany (4878,94 € tamin'ny volana septambra 2007) dia latsaky ny 800 € kosa sisa izany ankehitriny (748,75 € ny volana Mey 2011).

ii. MITOHY NY ASA

Eo anatrehan'ireo asa miandry sy mba ho enti-manatanteraka izany dia nanapa-kevitra ny KNPL fa hitrandraka **LOHARANOM-BOLA « MAHARITRA »** ho azy (tsy hiantehatra intsony amin'ny fanampiana avy any ivelany mety ho azo).

iii. MILA FANOHANANA ARA-BOLA

Amin'ity taona 2011 ity dia fivarotana tapakilan-tsakafo no tapaka fa atao. **Manankery hatramin'ny 31/12/2011 izany tapakila izany ary 25 € ny vidiny.**

Toeram-pisakafoanana telo ao amin'ny "région parisienne" no azo isafidianana ka ampiasana izany tapakila izany dia :

- Restaurant Golden Wok : 27 Avenue de Fontainebleau 94270 Le Kremlin-Bicêtre
- Restaurant "Fleur de Tana" : 27 rue de Neuilly 92110
- Restaurant « Au Goût de Madagascar » : 90 route de Corbeil 91700 Sainte Geneviève des Bois

Fantatry ny KNPL fa tsy dia ny sakafo loatra akory no zava-dehibe amintsika fa ny **fanahy fanohanana** ny asa koa dia isaorana mialoha antsika ny fandeferana amin'ny mety tsy fahalavorariana mitranga.

V. TOHANO AMIM-BAVAKA MANDRAKARIVA NY ASA

Misaotra antsika amin'ny fitrotroana amim-bavaka izao ezaka iaraha-manana eto amin'ny FPMA izao. Satria ny fikasana rehetra dia apetraka mandrakariva eo ambany fitahian'ny Tompo mba ho Azy irery ihany ny voninahitra.

Ny Talen'ny KNPL

Bruno RANDRIANARIMANANA